# Tsy ilay manolotra fanomezana no atao hoe mpanohy ny fihavanana, fa ny tena mpanohy fihavanana dia ilay miezaka manohy izany raha sendra misy fahatapan'ilay fihavanana

Tatitra azo avy amin'i Abdollahi Ibn Amro (R.A), fa niteny i Mpaminany (S.A.W) ka nanao hoe : "Tsy ilay manolotra fanomezana no atao hoe mpanohy ny fihavanana, fa ny tena mpanohy fihavanana dia ilay miezaka manohy izany raha sendra misy fahatapan'ilay fihavanana".
[Mari-pototra] [Notantarain'i Bokhari]

Manambara izany i Mpaminany (S.A.W) ka manao hoe : Ny olona tonga lafatra amin'ny fifandraisan'ny havan-tiana sy ny fanaovan-tsoa amin'ny havana dia tsy izay mamaly soa amin'ny soa natao azy, Raha ny marina, ny tena lavorary amin'ny fifandraisan'ny mpihavana dia izay, raha tapaka ny fihavanana dia mampifandray izany izy, na dia mampijaly azy aza ireo dia maneho ny hatsaram-panahy amin'izy ireo izy.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee